

**Andro fivavahana sy fifadian-kanina
Tari-dalana sy Tahirin-kevitra**

**Matanjaka noho ny herin'ny tenin'Andriamanitra:
Vavaka fanelanelana ho an'ireo marefo indrindra ireo**

Telovolana faha-efatra 2018
Sabata 6 Oktobra 2018

Fifohazana sy Fanavaozana

Sabata 6 Oktobra 2018 – Andro fifadian-kanina sy fivavahana

Loha-hevitra : « **Matanjaka noho ny herin'ny Tenin'Andriamanitra : Vavaka fanelanelanana ho an'ireo marefo indrindra ireo.** »

Inona no antony ilàna ny andro fifadian-kanina sy fivavahana ?

Alaivo sary an-tsaina fa ianareo dia ray aman-dreny izay tsy maintsy handao ny zanakareo, ary tsy hihaona amin'izy ireo intsony raha tsy any amin'ny fanjakan'ny lanitra indray. Inona no zava-dehibe indrindra tokony holazainareo amin'izy ireo ?

Nanana izany olana izany i Jesosy teo am-piomanana hiverina ho any an-danitra rehefa avy nohomboina teo amin'ny hazo fijaliana. Inona no enta-mavesatra farany nozarainy tamin'ny mpianany ? Rehefa mamaky ny vavaka sy ny toro-hevitra farany nomeny ao amin'ny Jaona 15-17 isika dia hahatsikaritra fa misy loha-hevitra miverimberina ao : firaisan-kina, fitiavana ary ny fitadiavana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka. Fanirian'i Jesosy ny hahita ny fiangonana vao nijoro hanana tanjona iraisaina, hisy firindrana eo anivony ary hanatanteraka iraka miaraka. Ankehitriny, ao anatin'ny tsy fitoviam-pijery izay tsy mbola nisy toy izany teto amin'izao tontolo izao, teo amin'ny firenentsika sy ny fiangonantsika, dia ilaintsika koa ny hihaino ny toro-hevitra avy amin'i Jesosy ny amin'ny hikatsahana ny Fanahiny sy ny hiarahan'ny rehetra manatanteraka ny iraka. Amin'ny maha-olombelona dia toa tsy ho vita izany. Izany indrindra no antony ilàntsika mivavaka mbola tsy nisy toy izany tany aloha mba hisian'ny fahagagan'ny fampihavanana izay Andriamanitra irery ihany no afaka mitondra izany. Manasa anareo izahay mba hivavaka ao amin'ny toerana voatokana fanaovanareo izany. Manasa anareo izahay mba hivavaka miaraka amin'ny mambran'ny fiangonana misy anareo. Manasa anareo koa izahay mba hivavaka sy hifady hanina ao anatin'ny sehatry ny Fifohazana sy Fanavaozana maneran-tany. Mety tsy hisafidy ny hifady hanina tanteraka ianareo. Angamba mety hifady tsy hihinana ny tsindrin-tsakafo ianareo na ny fikirakirana ny fifandraisana eo amin'ny tambazotra ara-tsosialy na koa hampihena ny fihinanareo sakafo mifototra amin'ny zavamaniry.

« Manomboka izao ka hatramin'ny fifaranan'ny fotoana, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, ho malina kokoa, tsy hiantehitra amin'ny fahendren'ny tenany, fa amin'ny fahendren'Ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana hifadian-kanina sy hivavahana izy ireo. » (Ellen White, Review and Herald, Feb. 11, 1904).

Noho ny safidinareo hifantoka lalindalina kokoa amin'ny fivavahana, dia hitahy anareo anie Andriamanitra sy hanatanjaka ny fonareo amin'ireo andro feno fihaikana ho avy rehetra.

Cindy Tutsch.

Komitin'ny Fifohazana sy Fanavaozana

Soso-kevitra mikasika ny fanaovana drafitra

- Toko sy andininy fototra: Matio 25:31-36; Ezekielia 22:30
- Soso-kevitra mikasika ny lohahevitra mety hatao amin'ny toriteny na natao hodinihin'ny fiangonana miaraka:
Nantsoina mba hanompo ireo madinika indrindra ireo
Sahirana ireo ankohonana adinontsika
Mijoro ao anaty hantsana
Mpanelanelana ho amin'ilay Tany
- Soso-kevitra mikasika ny tantara ho an'ny ankizy :
Zarao ny tantaran'ilay Samaritana tsara fanahy ao amin'ny Lioka 10:30-37. Mety azonareo lalaovina ihany koa izany. Aorian'ny tantara dia anontanio ireo ankizy hoe: Isika rehetra dia samy te-hoderaina rehefa nanao zavatra tsara, fa ahoana anefa raha tsy misy olona mahita eo? Ahoana raha tsy maintsy manao izay azonao atao ianao mba hanao izay tokony atao? Inona no tena hevitr'ilay hoe manampy ny olona ailikiliky ny fiaraha-monina, ny mampitafy ny mitanjaka, ary ny manome hanina ny noana? Vonona ny hahita olona ho an'ireo sahirana ve isika? Ahoana no mety ho fisehon'izany amin'ny kolontsaintsika ankehitriny? Inona no hiseho rehefa hiverina Jesosy, raha toa ka tsy nianatra ny nanompo sy nikarakara ireo "madinika indrindra ireo isika?"

TAHIRIN-KEVITRA:

- **HO AN'NY MPITARIKA:** Misy soso-kevitra ho an'ny fandaharam-potoana amin'ny folak'andro nomena ato. Ampirisihanay ny hanokananao ora roa farafahakeliny amin'io fotoana io. Maro ireo izay manao drafitra ny hiara-hivavaka mandritra ny folak'andro manontolo. Avelao ny Fanahy Masina hitari-dalana mikasika ny fotoana.
- **HO AN'NY MPITARIKA:** Jereo ny "Tari-dalana ho an'ny mpitarika ny fotoam-bavaka."
- **HO AN'NY MPITARIKA:** manaova dika mitovin'ny loha-hevitra entina am-bavaka ho an'ny mpanatrika.
- **HO AN'NY MPITARIKA:** manaova dika mitovin'ny « Vavaka sy Teny fikasana ho ireo madinika indrindra ireo » izay hanampy ny mpanatrika rehefa mivavaka izy ireo.
- **HO AN'NY MPITARIKA:** Misy Tari-dalana fibanjinana mikasika ny Andron'ny Vavaka sy Fifadian-kanina ao mitondra ny lohateny hoe: Ahoana raha ny dadanao iny?" Azo atao ny mandinika izany mialoha ny fotoam-bavaka na koa atao toriteny.
- **HO AN'NY MPITARIKA:** Ampirisihina ianareo mba hamaky ilay takelaka " Fomba 40 hanatrarana ireo madinika indrindra."
- Tahirin-kevitra fanampiny " Ny fitsipi-pifehezan'ny fifadian-kanina."

Zavatra tokony hotadidiana mikasika ny fifadian-kanina

Satria tsy ny rehetra no afaka mifady hanina na mandingana sakafo, dia ampirisiho ireo izay afaka mba hifady izay azony fadiana amin'io andro manokana io manomboka ny maraina ka hatramin'ny hariva. Karazana fifadian-kanina mety hatao : tsy misotro rano, tsy misotro ranom-boankazo, fifadian-kanin'i Daniela, tsy mihinana tsindrin-tsakafo na sakafo mavesatra, tsy mampiasa ny tambazotra ara-tsosialy, sns... Ampirisiho ny mambran'ny fiangonana mba hangataka amin'Andriamanitra ny karazana fifadian-kanina tiany hotanterahin'izy ireo.

Tsy maintsy tadidiansika fa ny fifadian-kanina dia tsy lakile majika mitondra ho amin'ny fanamarinana na ny fitahiana, na koa ho amin'ny taranja ara-panahy hafa izay arahintsika. Tsy afaka hahazo ny fitahian' Andriamanitra na valim-bavaka amin'ny alalan'ny fifadian-kanina isika, tahaka ny tsy hahazoantsika famonjena amin'ny alalan'ny tenantsika. Tahaka izany ihany koa, ny fifadian-kanina dia tsy mahasolo ny fankatoavana na ny fanoloron-tena ataon'ny tena manokana na koa ny fitiavana tahaka ny fitiavan'i Kristy. Raha ny marina, dia voambara fa « Ny fifadian-kanina na ny vavaka izay hetsehin'ny fanahy feno fanamarinan-tena dia fahavetavetana eo imason'Andriamanitra. » (Ellen G. White, *The Desire of Ages*, p. 280).

Na dia izany aza anefa, raha misafidy ny tsy hifady hanina ny olona, dia ampirisihina ihany izy ireo handray anjara amin'ny fotoam-bavaka samihafa izay tanterahina amin'io andro io. Tadidio fa Andriamanitra dia mahafantatra ny ao am-pon'ny olona, noho izany ny fanapahan-kevitra hifady hanina na tsia dia miankina amin'ilay olona sy Izy ihany, fa tsy azon'iza na iza hidirana.

Ny zava-kendren'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana dia ny fahavononan'ny tsirairay hanao fanelanelanana ho an'ny hafa. Raha eo am-pikatsahana ny Tompo amin'ny fo manetry tena isika ary mandositra ireo zavatra manintona samihafa eto an-tany, dia ho mora kokoa amintsika ny handray izay tian'Andriamanitra hotanterahina eo amin'ny fiainantsika sy amin'ny alalan'ny vavaka ataontsika. Toy izao no nambaran'i Pasitora Derek Morris : « Mifady hanina mba handositra izao tontolo izao isika, mba hahazoantsika mifety ao amin'i Jesosy !

Soso-kevitra mikasika ny endriky ny fandaharam-potoana

Toerana: Miangona ao amin'ny trano fiangonana ho fanombohana ny fotoanan'ny vavaka.

Fanombohana ny Fotoanan'ny Vavaka: Aoka hisy olona iray tendrena hitarika hira maromaro, hanomana ny fiangonana ho amin'ny rivo-piainana feno fanajana. Ampahatsiahivina isika fa ny fotoana androany dia mifantoka amin'ny « Fanaovana vavaka fanelanelanana ho an'ireo madinika indrindra ireo. »

Vavaka Fanombohana sy fiarahabana: Ny mpitarika ny ministeran'ny vavaka na olona iray voatendry no miarahaba ny rehetra. Rehefa avy eo, ny mpitarika no asaina mamaky ny loha-hevitra ho an'ny fandinihan-tena: « Ahoana raha ny dadanao iny? » raha toa ka tsy mbola natao tamin'ny fotoanan'ny toriteny izany.

Tari-dalana: Omeo ny tari-dalana mikasika ity fotoam-bavaka ity ny mambran'ny fiangonana. Jereo ny « Tari-dalana ho an'ny mpitarika ny vavaka » mikasika ny karazam-bavaka azo atao sy ny fotoana amin'ny tolak'andro.

- Zarao ny takelaka mirakitra ireo loha-hevitra ho an'io andro fifadian-kanina sy fivavahana io.
- Zarao ny takelaka mirakitra ny « Vavaka sy Teny fikasana hotakiana ho an'ireo madininika indrindra ireo. »

Fotoana natokana hivavahana: Manomàna ora roa na telo farafahakeliny. Hizotra haingana be io fotoana io. Maro ireo izay faly amin'ny fandanihana ny folak'andro manontolo amin'ny vavaka. Aoka hifantoka amin'ny fotoana hivavahana, fa tsy hiresahana na hanomezana toromarika. Andro natao hivavahana io.

Famaranana: Ho famaranana ilay fotoam-bavaka dia manaova hira fiderana vitsivitsy. Misaora an'Andriamanitra ny amin'ny zavatra hataony. Resaho ny amin'ireo fomba izay ahazoana manohy amin'ny alalan'ny asa ireo vavaka nataonao. (Jereo ilay takelaka “Fomba 40 hanatrarana ireo madinika indrindra.”) Amporisihy ny mambra hanohy hitaky ireo teny fikasana ao amin'ny Tenin'Andriamanitra raha mivavaka mba hahazo fahendrena izy ireo, mba hanatratra ireo “madinika indrindra ireo”.

Famaranana ny Andron'ny Vavaka sy Fifadian-kanina: Araka izay azo atao, faràno amin'ny fotoana manokana fiaraha-misakafo amin'ny hariva ny fotoana. Mihirà hira fiderana, mizarà fijoroana vavolombelona, ary resaho ireo fomba ahafahanareo miara-manao tetik'asa fanompoana amin'ny maha-fiangonana anareo – na aoka havitrika kokoa amin'ireo asa fanompoana efa misy. Tazonny amin'ny teniny ny tsirairay!

Tari-dalana ho an'ny mpitarika ny fotoam-bavaka

Satria ampirisihina ny olona mba hivavaka miverimberina, dia ampahatsiahivo izy ireo mba tsy hanao vavaka lava reny. Toy izao no nambaran'i Ellen White : « Rehefa mivory, dia manaova vavaka fohy, fa ataovy lava izany rehefa miresaka sy mifandray amin'Andriamanitra irery ao amin'ny toerana fanaovanao izany ianao. » (Manuscript Releases, vol. 10, p. 130). Noho izany, rehefa mety ho lava ny fotoana hivavahana, dia tsy tokony ho lava toy izany ny vavaka ataon'ny tsirairay. Ny fanaovana vavaka fohy dia mampisy aina ny fotoam-bavaka sady manohina ny fo. Mampifamatotra ny fon'ny mambra izany sady miaro ny lehibe sy ny ankizy tsy hisamboaravoara.

Fotoanan'ny fiderana sy ny fiaiken-keloka :

Mampirisika anareo izahay mba hanomboka ny fotoana amin'ny fiderana sy ny fiaiken-keloka mialoha ny hanaovana vavaka fanelanelanana mifanaraka amin'ny loha-hevitra. Toy izao no voalaza ao amin'ny Salamo 100:4 “Midira eo amin'ny vavahadiny amin'ny fisaorana, ary eo an-kianjany amin'ny fiderana;...” Araka izay voalaza ao amin'ny Salamo 66:18 sy Isaia 59:1-2, raha tiantsika ny hihainoan'Andriamanitra ny fivavahantsika dia tsy maintsy miaiky ny fahotantsika sy miala amin'izany isika.

Azo atao ny manomboka ny fotoam-bavaka toy izao: “Andriamanitra Rainay ô! Manatona Anao amin'ny fo feno fiderana izahay androany. Mialoha ny hanaovanay vavaka ho an'ireo rahalahy sy anabavy avy amin'ny finoana hafa, dia te-hanokana minitra vitsivitsy izahay mba hiderana ny anaranao. Misaotra Anao izahay amin'ny maha-Mpanjaka mahery sy Mpanafaka anay Anao.”

Rehefa avy eo, dia avelao ny hafa hivavaka. Zarazarao ho tarika madinika ny mambra. Rehefa tonga ny fotoana tokony hirosoana amin'ny fiaiken-keloka, dia tariho indray izany.

Izahay dia mampirisika mba hasiana fotoana fohy ho an'ny fiaiken-keloka ataon'ny tena manokana amin'Andriamanitra sy fiaiken-keloka iombonana, indrindra teo amin'ny tsy firaharahaina sy ny fahalainana tamin'ny famonjem-panahy ho an'i Kristy. Azo arahina hira izany rehefa avy eo.

Fotoam-bavaka ho an'ireo “madinika indrindra ireo”:

Rehefa mivavaka ho an'ireo “madinika indrindra ireo” ianareo dia amporsiho ny tsirairay, amin'ny alalan'ny ohatra asehonareo, mba hivavaka hitaky ny teny fikasany araka izay voambaran'ny Baiboly. Aoka ho voafaritra mazava tsara ny fangatahana! Mivavàha amim-pinoana! Avelao handeha araka izay hitarihan'ny Fanahy Masina azy ny halavan'ny fotoana.

Eny anelanelany eny, dia azo atao ny manonona hira hain'ny rehetra sy mifanaraka amin'ny antom-bavaka. “Amin'ny maha-anisan'ny fanompoam-pivavahana azy, ny fihirana dia fomba iray hiankohofana tahaka ny vavaka. Raha ny marina, ny hira maromaro dia vavaka.” (Education, p. 168). Ampirisiho ny mpikambana ao amin'ny tarika mba hifanaiky ny hitaky ny Matio 18:19 amin'ny vavaka izay ataony.

Mazava ho azy fa hevitra ahafahanareo manomboka fotsiny ireo, fa ny zava-dehibe indrindra dia ny hamelanareo ny Fanahy Masina hitarika ny folak'androm-bavaka ataonareo. Raha mbola mila torohevitra hafa mikasika ny fitarihana vondrona miara-mivavaka hianao, dia azonao alaina ao amin'ny tranon-kala www.revivalandreformation.org ilay tari-dalana: *Praying for Rain: A Mini Handbook for United Prayer* (Mivavaka ho an'ny Ranonorana: Tari-dalana Fohy ho an'ny Vavaka Iraisana).

**Manao vavaka fanelanelanana ho an'ireo “marefo indrindra ireo”
(Lohahevitra ho an'ny vavaka sy Hevi-dehibe)**

“Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko.” Matio 25:40

FOTOAM-BAVAKA HIARAHAN'NY REHETRA:

- **FIDERANA AN'ANDRIAMANITRA:** Atombohy amin'ny **fiderana** sy ny **fiankohofana** amin'Andriamanitra amin'ny maha-Izy Azy ny fotoam-bavaka. Derao Izy ny amin'ny fomba namonjeny antsika sy nanomezany antsika ny fiainana mandrakizay!
- **FIAIKEN-KELOKA IOMBONANA SY MANOKANA:** Avy eo dia manokàna fotoana hanaovana **fiaken-keloka iombonan'ny rehetra**, mangataka amin'Andriamanitra mba hamelany ny helontsika noho ny fitiavan-tena sy ny fireharehana amin'ny maha-vahoaka iray antsika, sy ny nanomezantsika toerana ny fahavalo ao an-tokantranontsika sy eo amin'ny fifandraisantsika. (Ampirisiho ny olona hiaiky izay bitsihin'ny Fanahin'Andriamanitra ao am-pony; ireo fahotana izay nataon'ny tena mitokana kosa dia mitokana ihany koa no hiaikena izany.)
- **FANGATAHANA SY FITALAHOANA:** Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra antsika ny fitiavana sy ny fahalianana marina ho an'ireo sahirana sy ireo nailikiliky ny fiaraha-monina. Manana fironana hanakimpy ny masontsika isika rehefa mahita mpangataka mangataka vola, kanefa i Jesosy dia tsy nitsahatra nanatratra sy naneho fitiavana tamin'ireo “madinika indrindra ireo.”
- Mivavaha mba hanampian'Andriamanitra **antsika hanana fo mangoraka sy halala-tanana misimisy kokoa** manoloana ireo “madinika indrindra ireo.”
- Mivavaha mba **hanokafan'Andriamanitra ny vavarana** ho antsika ahafahantsika miasa manompo sy manatratra ireo “madinika indrindra ireo” ho an'i Kristy.
- Mivavaha ho an'ireo **mpiray tanàna aminao (tonony ny anarany) tsy manan-kialofana sy mahantra**. Ny fahavalo dia miseho ho tompon'ny tanàna iray manontolo, kanefa afaka mandrava ny herin'ny maizina Andriamanitra.
- Mivavaha ho **an'ireo olona sahirana (tonony ny anarany) izay voamarikao rehefa handeha hiasa ianao**. Mivavaha mba hanoroan'Andriamanitra anao ny fomba hanampiana azy ireny eo amin'ny lafiny ara-batana sy ny ara-panahy, sy ny fomba hisakaizana aminy. Manomboka amin'ny fisakaizana tokoa ny Asa Fitoriana.
- Mivavaha mba hanokafan'Andriamanitra varavarana ho antsika mba **hiarahantsika mianatra ny Baiboly amin'ireo sahirana** sy hanasana azy ireny amin'ny fivoriana manokana na tetik'asa fitoriana ny Filazantsara.
- Mivavaha mba hanampian'Andriamanitra antsika hianatra **hanompo sy hiasa ho an'ny hafa** toy ny niasan'Andriamanitra tamintsika.
- Mivavaha mba **tsy hanenina isika rehefa hiverina i Jesosy satria efa nizara ny fitiavany isika. Angatahina ianareo mba hivavaka ho an'ireto antom-bavaka iraisan'ny Fiangonana maneran-tany manaraka ireto:**

- Mivavaha ho an'ireo toerana 2.300 hanaovana asa fitoriana izay hatao **manerana an'i Inde** amin'ny taona 2019. Mivavaha mba hirotsahan'ny Fanahy Masina amin'ny fomba mahery vaika!
- Mivavaha ho an'ireo **mpitondra fiangonana sy mambra laika** izay hizara ny hafatry ny famonjena amin'ny olona an'arivony. Mivavaha mba hahazoana fahendrena, hery sy tanjaka, faharetana, fahasalamana ary ny herin'ny Fanahy Masina.
- Mivavaha ho amin'ny **firotsahan'ny ranonorana farany** eo amin'ny fiangonan'Andriamanitra mba hahavitan'ny asa sy hahafahantsika mandeha mody amin'izay!

**Loha-hevitra natao hodinihina sy hosaintsainina mandritra ny andron’
ny fifadian-kanina sy fivavahana, Sabata 6 Oktobra 2018.**

Ahoana raha ny dadanao iny?

Nomanin’i Melody Mason, Mpandrindra ny vavaka iraisana ao amin’ny Foibe Maneran-tany.

Nisy rangahy anankiray toa nalotoloto nivembena nanatona ny fiaranay teo amin’ny tobin-dasantsy akaikin’i Flagstaff, Arizona, raha handeha hody avy namonjy ny fihaonan’ny tanora zokiny tany Phoenix izaho sy ny namako akaiky atao hoe Valérie. Nangataka mba hoentinay any amin’ny toerana nahasimba ny kamiaony ilay rangahy. Nitondra “bidon” fasiana lasantsy teny antanany izy. Somary nijery azy tamin’ny endrika tsy faly aho, avy eo dia nijery ny seza aorian’ny fiaranay izay feno sakafo sy vatsy.

“Ummm . . . Ohatra ny tsy misy toerana intsony ato an!” hoy aho nanomboka niteny. Niodina haingana ilay rangahy. Nampalahelo ahy izy kanefa tsy tena nampalahelo ahy ka handeha hoentiko amin’ny fiarako ihany. Amin’ny maha-vehivavy mbola tokantena ahy dia efa nanapa-kevitra mihitsy aho ny tsy hitondra lehilahy mpanakana fiara mandeha (“auto-stop”) na oviana na oviana, raha tsy hoe angaha lehilahy efa niaraka tamiko tao anatin’ily fiara. Maro loatra ireo zavatra hafahafa mety hiseho amin’izao fotoana izao. Sadaikatra aho ny hanampy ilay rangahy, na dia toa tsy karazan’olona mety hahery setra aza izy.

Nanomboka nanindrana ny feon’ny fieritreretako i Valérie, izay nipetraka teo akaikiko. “Ahoana raha ny dadanao iny?” hoy ny fanontaniany. “Dia tsy hoentinao ve izy?” “Aza mikitikitika ny fihetseham-poko!” hoy aho namaly tamim-pahitsiana, mety ho tamim-pahitsiana loatra angamba. “Tsy mitondra lehilahy amin’ny fiarako aho!” Nisy fahanginana avy eo, talohan’ny nanohizan’i Valérie, “Tena mino aho fa tokony nanampy azy isika ry Mel! Toa tsy manana endrik’olon-dratsy anie izy teo e!”

Efa niala tamin’ily tobin-dasantsy izahay tamin’io fotoana io ary niandry ny lalana halalaka mba hahafahanay mihazo ny arabe. Niampita ny lalana teo anoloanay iny mihitsy ilay rangahy lehibe nangataka mba hoentinay teo, ary mbola nitondra bidon sady nandroso. Koa satria feno fiara ny lalana dia nanana fotoana nieritreretana aho ary farany dia niteny hoe, “Eny ary, aleo fa halalahako ny ato aoriana. Afaka antsoinao sy ampandrosoinao izy.”

Segondra vitsy taty aoriana dia nanapa-kevitra hitondra ilay rangahy izahay. Handeha amin'ny lalana alehanay mihitsy izy. Nosokafanay ny varavarana, dia niditra izy. Tamin'io indrindra no nanamarihako ny fomba fisefoany mitsitapitapy. “Salama tsara ve ianao?” hoy Valérie nanontany azy. “Mihetsika ny asthme-ko (aretin'ny fisefoana). Adinoko any amin'ny kamiao ilay fitaovana fampitoniana fampiasako,” hoy izy namaly sady nisefofo. Toa nihahatsatra izy ary feno tahotra ny masonry. Angamba tahotra ny tsy ho velona satria mety tsy hahatratra an'io fitaovana io? Tsy fantatro.

Fotoana fohy taorian'izay dia tonga teo amin'ilay kamiaony simba izahay. Tsy ampy 200 metatra avy teo amin'ilay lalana no nisy azy. Nisy ramatoa efa lehibe niandry teo. Nitsambikina haingana niditra tao amin'ilay kamiao ilay rangahy ary nitady ilay fitaovana izay hitany teo amin'ny seza teo aloha. *Ahhh!* Fahatsapana ho nahazo vonjy no nameno ny endriny raha nametraka ilay fitaovana tao am-bavany izy. Ho velona indray izy!

Raha nandeha niala teo izahay dia nangina, ary nanomboka jambenan'ny ranomaso ny masoko. Arakaraky ny nandehananay lavitra no vao maika aho nitomany. Nanatsotra ny tanany i Valérie ary namafa tamim-pahalemem-panahy ny ranomaso teo amin'ny tavako. “Inona no ao an-tsainao ry Mel?” hoy izy nanontany tamim-pahalianana. Niteny aho nony farany. “Izay vao tsapako fa tena manana fo vato aho indraindray! Tena tsy malemy fanahy tokoa aho, tsy malemy fanahy araka ny tokony ho izy aho.” Nanohy nijohy ihany ny ranomasoko. “Raha tsy nijanona nitondra iny rangahy iny isika dia mety ho maty teo an-tsisin-dalana teo izy. Nataony izay fomba haingana araka izay azony natao mba hahazoany ilay fitaovany sy mba hahafahany miaina, izaho anefa tsy te-hanampy azy,” hoy aho sady nitomany.

“Tsy fantatsika anie hoe nihetsika ny aretiny e,” hoy ny valitenin'i Val tamim-pahalemem-panahy. “Haiko izany”, hoy aho, “kanefa fantatr'Andriamanitra. Izay no nakany antsika hanampy azy, ary saika nandosirantsika izany vokatry ny hamafin'ny foko. Soa ihany fa nandre ny Feony ianao...” hoy ny feoko niteny mora.

Ny tena nahatonga ilay toe-javatra nanindrona ny foko dia ilay hoe nanome hafatra mahery vaika maro mikasika ny fanatrarana ireo sahirana ireo mpandaha-teny tany amin'ny fihaonam-ben'ny tanora zokiny nokarakarain'ny federasiona. Imbetsaka aho no voahetsika sy latsa-dranomaso mihitsy ary nanao fanekena fa hanao misimisy kokoa ho an'ireo maratra sy mahantra. Maro ireo tanora hafa izay namaly toy izany ihany koa. Ny fanekena ny hevitra ambaran'ny toriteny iray

mikasika ny fanampiana ireo mahantra anefa dia tsy mitovy amin'ny hoe miatrika rangahy malotoloto mila fanampiana eny an-dalana. Nijanona tao an-tsaiko nandritra ny fotoana maharitra ilay zava-nisy sy ny fomba nahatafiditra anay tao anatin'ny tamin'ny fotoana sarotra anankiray.

Raha mbola nitomany sy nila fanomezan-toky misimisy kokoa aho, dia nandefa hafatra (sms) tamin'ny namako akaiky hafa anankiray hoe: “Tena tia tena loatra aho!” Nahatsiaro fanaintainana aho teo am-panoratana ireo teny. “Te-halemy fanahy toa anao aho.” Na dia tsy fantatr'ilay namako aza ny antony nanoratako ireo teny voalaza tetsy ambony ireo dia tena lalina ny valiteny nomeny ahy: “Avy amin'ny izaho no hiavian'ireo fironana ara-nofontsika rehetra ry Mel. Ny fiaikena ny fitiavan-tena dia mbola sarotra kokoa noho ny fandresena izany satria mila ekena aloha ilay izy voalohany indrindra. Rehefa manao izany anefa isika dia manampy antsika handresy izany Jesosy. Noho izany, aza dia manisy mafy ny tenanao.” Izany indrindra no nilaiko horenesina.

Misaotra Jesosy o, hoy aho nivavaka moramora. Misaotra Anao nanampy ahy hifoha androany ka hahita fa tena olon-dratsy aho raha eo amin'ny fanatrarana ny mahantra no resahina. Ampio aho mba halemy fanahy kokoa sy ho vonona ny hanampy ny sahirana. Manana dada izay efa zokiolona aho, ary manantena aho mba hisy olona hikasika sy hanampy azy raha sahirana toy izany koa izy.

Hoy i Ellen White: “Amin'ny tombotsoa rehetra nomena antsika mihoatra noho ny hafa, na fanabeazana izany na fikolokoloana, na fahambonian-toetra, na fitaizana kristiana, na fanandramana ara-pivavahana – dia manana trosa amin'ireo tsy nahazo tombony toy izany isika; ary natao hanompo azy ireny araka izay tratry ny herintsika isika. Raha matanjaka isika dia mila mihazona ny tanan'ny malemy.” *The Desire of Ages [Ilay Fitiavana Mandresy], p. 440.*

Lahatra fa tsy fifanandrifian-javatra

Na dia mbola tokony handia kilaometatra maro aza izahay vao ho tonga tany an-trano ny harivan'io, dia niantso ny dadako aho ka nanontany ny vaovaony.

“Vao avy any amin'ny mpanao nify aho, sady nanala nify,” hoy izy rehefa avy nifampiarahaba izahay. “Diso fikajy lasantsy aho ka dia lany lasantsy teny an-dalana. Ny tena sarotra dia ilay toetr'andro efa mangatsiaka be aty Arkansas. Misaotra ny Tompo fa nisy olona nijanona sady nitondra ahy hatrany amin'ny tobin-dasantsy sy nitondra ahy niverina.”

Tena gaga aho! Saika tsy afa-niteny!

“Marina ve izany?” hoy aho nanontany azy. “Lany lasantsy teny an-dalana ve ianao?” Rehefa naveriko ny teniny dia niakatra ny volo-mason’i Valérie, toy ny hoe fantany ny resaka. Fantatro fa nisaintsaina izy. Nisaotra ny Tompo aho fa nisy nikarakara ny dadako ary efa tafody tamin’ny fotoana niresahako taminy tamin’ny finday. Vao maika niraikitra tato an-tsaiko anefa ilay lesona vao nianaranay mikasika ilay rangahy nila fanampiana teo.

Nanontany ahy i Valérie hoe “Ahoana raha ny dadanao iny?” Tsy fantatray anefa fa tena nila noentina tamin’ny fiara ihany koa ny dadako. Kanefa toy ny nanirahan’Andriamanitra anay sy i Val hikarakara ny dadan’olona hafa, dia naniraka olona hikarakara ny dadako ihany koa Izy. Azo antoka fa tsy hadinonay na oviana na oviana io rangahy lehibe noraisinay teo an-tsisin-dalana tamin’io andro io, sy ny lesona nampianarin’Andriamanitra anay.

“Dia hamaly ny Mpanjaka ka hanao aminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa: Araka izay efa nataonareo tamin’ny anankiray amin’ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko.”
(Matio 25:40)

Ny Antson’Andriamanitra eo amin’ny fiainantsika mba hanatratra ireo madinika indrindra ireo.

Mety tsy ho afaka hanatratra an’izao tontolo izao manontolo isika, kanefa afaka mikasika olona anankiray – fanahy very sy miady mafy anankiray – isaky ny mandeha. Miaina ao anatin’ny tontolo feno haizina isika, tontolo izay mila ny fahazavana. Sady mila mivavaka isika no mila miasa ihany koa. Tokony ho Samaritana tsara fanahy ho an’izay very, ireo maratra, ireo voahilikilika, ireo niangaran’ny vintana, ary ireo rehetra izay mifanena amintsika isika. Natao hitondra ny fahazavana avy any an-danitra ho azy ireny isika.

Ao anatin’izao alin’ny haizina ara-panahy izao, dia tokony hamirapiratra avy amin’ny fiangonany ny voninahitr’Andriamanitra, ka hampitraka ireo voahitsakitsaka sy hampahery ireo izay misaona. Rentsika ny antsoantson’izao tontolo izao malahelo. Be dia be ireo olona manodidina antsika no

sahirana sy tratran'ny rarin-tsaina, ary tombotsoa ho antsika ny manampy amin'ny fanamaivanana sy ny fanalefahana ny fahasahiranan'izy ireo.

Hoy i Ellen White:

“Hisy akony lehibe lavitra noho ny toriteny ny asa fampiharana atao. Natao hanome hanina ny noana, hampitafy ny mitanjaka, ary manome fialofana ny tsy manan-kialofana isika. Ary nantsoina mbola hanao mihoatra noho izany aza isika. Ny fitiavan'i Kristy no hany afaka hanome fahafaham-po izay ilain'ny fanahy. Raha mitoetra ao anatintsika i Kristy dia ho fenon'ny fangorahana avy any ambony ny fontsika ary hosokafana ilay loharanonom-pitiavana mafana mitovy amin'ny an'i Kristy izay nisy toambo-kase.

Andriamanitra dia tsy hoe mila fotsiny ny fanomezantsika ho an'ireo sahirana, fa miantso antsika haneho endrika falifaly, hiteny teny feno fanantenana ary hampahery amimpahalemem-panahy amin'ny alalan'ny Tanantsika. Nametra-tanana tamin'ireo marary i Kristy raha nanasitrana. Toy izany koa no tokony hanakaikezantsika ireo izay heverintsika hohasoavina.

Maro ireo izay efa very fanantenana. Ento eo amin'izy ireny ny tara-masoandro. Maro ireo izay efa tsy manana fahasahiana intsony. lazao tenim-pitiavana izy ireny. Mivavaha ho azy. Ao ireo izay mila ny mofon'aina, vakio aminy ny Tenin'Andriamanitra. Maro ireo izay manana aretim-panahy tsy hain'ny menaka fanosotra halefahana ary tsy hain'ny dokotera sitranina, mivavaha ho azy ireny, ento eo amin'i Jesosy izy ireo. Ambarao aminy fa misy balisama any Gileada, ary misy dokotera any.” **Christ's Object Lessons, pp. 417, 418.**

Mivory eto isika anio mba hivavaka ho an'ireo fanahy ireo, mba hitondra azy ireo eo an-tongotry ny hazofijaliana. Farany, ny tanjon'ny tena fivavahana marina dia tokony ho fanatanterahana ny Isaia 58. Izany no karazana fifadian-kanina izay hiantsoan'Andriamanitra antsika.

“Ny tena fifadian-kanina marina dia tsy hoe fanompoana mahazatra fotsiny. Ny Soratra Masina dia manoritsoritra ny fifadian-kanina izay nosafidian'Andriamanitra – ‘Dia ny hamaha ny famatoran'ny faharatsiana, sy hanaboraka ny fehin'ny zioga, sy handefa ny ampahorina ho afaka, ary hanapatapaka ny zioga rehetra? ... Ary afoinao ho an'ny noana izay hanina tianao, ka

mahavoky ny ory ianao...” Isaia 58:6, 10. Voatsindry tsara eto ny tena toe-tsaina sy ny toetry ny asan’i Kristy. Ny fiainany manontolo dia fanaovana sorona ny Tenany ho famonjena an’izao tontolo izao. Na nifady hanina tany an’efitry ny fakam-panahy Izy na niara-nisakafo tamin’ny mpamory hetra tao amin’ily fety nataon’i Matio, dia nanolotra ny Ainy Izy ho fanavotana ny very. Tsy amin’ny fimonomononana miharo hakamoana na amin’ny fanaovana tsinontsinona ny tena sy amin’ny fanaovana sorona be dia be no tena fisainan’ny fanoloran-tena tokony aseho fa amin’ny fahafoizan-tena amin’ny fanompoana atao an-tsitrabo ho an’Andriamanitra sy ny olona.” ***The Desire of Ages [Ilay Fitiavana Mandresy], p. 278.***

Aoka hotsaroantsika fa raha tsy noho ny fahatsarana sy ny famindrampon’Andriamanitra miavosa dia ho voailikilika teny amin’ny lalana isika, ho isan’ireo “madinika indrindra ireo” isika, dia ireo izay tsy mahafantatra an’i Kristy. Manana tombotsoa lehibe isika mahafantatra ny fahamarinana. Miaraka amin’ny tombotsoa ny andraikitra hizara amin’ny hafa.

Voambara ao amin’ny *Boky Hery Mifanandrina* fa, “Any amin’ny mandrakizay isika vao afaka ny hanombana araka ny tokony ho izy ny saran’ny fanahy anankiray.” ***The Great Controversy, p. 640.*** Ho an’ny olona sahirana tsirairay izay mifanena amintsika dia andeha isika hametraka ny fanontaniana hoe: “Ary raha mba ny dadako, ny reniko, ny rahalahiko, ny anabaviko, ny zanako iny?” Raha izany, maninona raha izao ankehitriny izao, aho no manokana ny tenako indray mba ho tena zanak’Andriamanitra?

Fomba 40 hanatrahana ireo madinika indrindra ireo

1. Manao asa an-tsitrapo any amin'ny toerana fikarakarana ireo tsy manan-kialofana (maka namana sy manara-maso azy!)
2. Manao asa an-tsitrapo any amin'ny toerana fandrahoana lasopy (maka namana sy manara-maso azy!).
3. Fanaovana Vavaka isam-baravarana
4. Fanadihadiana isam-baravarana mba ahitana ireo zavatra ilain'ireo mpiray tanàna sahirana
5. Mihira sy mitondra am-bavaka any amin'ny hopitaly
6. Manao mofo, dia asiana trakta ao anatin'ny harona asiana azy, ary omena ireo sahirana any amin'ny fiaraha monina
7. Mihira sy mitondra am-bavaka any amin'ny toerana fitaizana be antitra
8. Mihira any amin'ny toerana fitsangatsanganana sady mizara trakta sy maka namana
9. Fanasana fiara maimaimpoana sady mizara trakta
10. Fandraisana fivoriana mikasika ny faminiana na Fianarana Baiboly ao an-tokantranonao
11. Mandefa karatra fampaherezana misy ny nimeran'ny findainao any amin'ireo fianakaviana nidonam-pahoriana hita ao anaty gazety filazana manjo
12. Programa fanasitranana ny ratra
13. Programa fialàna amin'ny sigara
14. Programa ara-pahasalamana
15. Programa fialàna amin'ny zavamahadomelina
16. Mizara trakta any amin'ny toerana fanaovana teatra
17. Asa fitoriana ho an'ireo reny tokantena na ireo izay manana filàna manokana
18. Fanaovana fitiliana maimaimpoana
19. Fanasana olona hanao fianarana Baiboly isam-baravarana
20. Mandefa DVD any amin'ireny toerana fitsangatsanganana ireny (Fahitalavitra sy Lecteur DVD miaraka amin'ny boky azo zaraina)
21. Manome dite mafana amin'ny andro mangatsiaka ho an'ireo tsy manan-kialofana
22. Manolo-tena hitondra am-bavaka any amin'ny foara na fety anankiray ao an-tanàna, miaraka amin'ny lamba misoratoratra hoe "Ahoana no ahafahanay mitondra am-bavaka anao?"
23. Miantoka sakafo ho an'ny noana
24. Manamboatra harona kely misy vatomamy ary zaraina amin'ireo mpangataka eny amoron-dalana
25. Mividy sakafo any amin'ny hotely
26. Programa sakafo matsiro any am-piangonana
27. Hetsika ankizy ho an'ny Noely (manamboatra boaty fitoeran-kiraro feno fanomezana madinika ho an'ny ankizy)
28. Manamboatra kilalao ho an'ireo ankizy tsy manan-kialofana
29. Manangana zaza kamboty iray
30. Manohana zaza iray
31. Manangana zaza sahirana iray
32. Manampy fianakaviana mpitsoa-ponenana iray
33. Mizara zavatra tsy ilainao ho an'ireo izay afaka mampiasa izany
34. Manokana fotoana hikarakarana sy hanatanterahana tetik'asa ho an'ny mahantra
35. Mikarakara programa hialana amin'ny fahakiviana ary manasa ireo izay mety mila izany – maka olona liana manokana
36. Manolo-tena hampianatra ankizy iray tsy dia mahay any an-tsekoly (tokony atao any an-tranony izany, eo imason'ny fianakaviany)

37. Manolo-tena hitondra fianakaviana sahirana amin'ny fitsangatsanganana manokana anankiray – any amin'ny valan-javaboary, na any amin'ny toerana mahafinaritra anankiray
38. Mivavaka ho an'ireo izay mifanena aminao eny an-dalana
39. Mivavaka foana amin'Andriamanitra mba hanohinany ny fonao amin'ireo zavatra izay manohina ny fony!
40. Mangataka amin'Andriamanitra mba hanokatra varavarana vaovao ho anao mba hikasihanao olona sahirana anankiray!

Ny fitsipi-pifehezan'ny fifadian-kanina
Nosoratan'i Derek Morris

- A. Ny fifadian-kanina ao amin'ny Soratra Masina
- a. Ny karazana fifadian-kanina
 - i. Fifadian-kanina mahazatra—Lio. 4:1,2.
 - ii. Fifadian-kanina amin'ny ampahany—Daniela 10:3.
 - iii. Fifadian-kanina tanteraka—Estera 4:16 ; Asa. 9:9.
 - iv. Fifadian-kanina miaraka amin'ny hery mihoatra ny natiora « Supernaturel »—Deutoronomia 9:9.
 - b. Ny fifadian-kanina sy ny fampianaran'i Jesosy
 - i. Diniho ny Matio 6:16-18 sy ny Matio 9:14, 15.
 - ii. Inona no zavatra azontsika ianarana mikasika ny fifadian-kanina araka ny fampianaran'i Jesosy ?
- B. Inona no nambaran'i Ellen White mikasika ny fifadian-kanina ?
- a. « Ny fifadian-kanina izay andidian'ny tenin'Andriamanitra dia mihoatra noho ny endrika ivelany fotsiny. Tsy resaka tsy fihinanana sakafo fotsiny izany, na firakofana lamba fisaonana, na famafazana lavenona eo amin'ny loha. Izay mifady hanina dia tokony hanao izany vokatry ny alahelo marina noho ny fahotana sady tsy tokony ho fantatra ety ivelany izany. Ny anton'ny fifadian-kanina izay iantsoan'Andriamanitra antsika mba hotandremantsika dia tsy ny hampijaly ny vatantsika noho ny fahotan'ny fanahy, fa kosa ny hanampy antsika mba hahita ny faharatsian'ny fahotana, amin'ny fampileferantsika ny fantsika eo anatrehan' Andriamanitra sy ny handraisantsika ny fahasavany mamela heloka. » (Thoughts from the Mount of Blessing, p. 87).
 - b. “Ny tena fifadian-kanina marina izay tokony ampirisihina ny rehetra, dia ny tsy fihinanana ireo sakafo manaitaitra sy fampiasana araka ny tokony ho izy ireo sakafo tsotra sy mahasalamana izay nomen'Andriamanitra tamin'ny fahabetsahany. Ny olona dia tokony hampihena ny fieritreretany ny amin'izay tokony hohaniny sy hosotroiny mikasika ireo sakafo izay mandalo ihany, fa kosa tokony hieritreritra lalina ny amin'ny sakafo avy any an-danitra izay hanome hery sy fahavelomana ho an'ny fanandramany ara-panahy amin'ny fahafenoany.” (Counsels on Diet and Foods, p. 188).
 - d. « Manomboka izao ka hatramin'ny faran'ny zavatra rehetra, ny vahoakan'Andriamanitra dia tokony ho matotra kokoa, hifoha bebe kokoa, tsy hahatoky ny fahendren'ny tenany, fa kosa hiantehitra amin'Ilay Mpitarika azy ireo. Tokony hanokana fotoana hifadiana hanina sy hivavahana izy ireo. Tsy tena ilaina ny fifadian-kanina tanteraka, fa kosa tokony hihinana kely amin'ireo sakafo tsotra. » (Counsels on Diet and Food, pp. 188, 189).
 - e. « Ho an'ny zavatra sasantsasany, dia mety ary ampirisihina ny fifadian-kanina sy ny fivavahana. Izy ireo dia fitaovana eo am-pelatanan'Andriamanitra mba hanadiovana ny fo sy mba hahatonga ny saina handray tsara izay lazaina aminy. Mahazo valim-bavaka isika satria nanetry ny fanahintsika teo anatrehan'Andriamanitra. » (Counsels on Diet and Foods, pp. 187, 188).
 - f. « Ny tena toe-tsain'ny fifadian-kanina marina sy fivavahana dia ny toe-tsaina izay manolotra ny saina sy ny fo ary ny sitrapo ho an'Andriamanitra. » (Counsels on Diet and

Foods, p. 189).

- g. « Ny fifadian-kanina rehetra eto amin'izao tontolo izao dia tsy mahasolo ny fahatokiana tsotra ny tenin'Andriamanitra. » (Counsels on Diet and Foods, p. 189).

D. Ny tanjona kendren'ny fifadian-kanina ara-panahy

- a. Manampy antsika hifantoka bebe kokoa amin'Andriamanitra.
- b. Mitaona antsika hivavaka.
- d. Mampihanjahanja ireo zavatra samihafa mifehy ny fiainantsika.

E. Amin'ny fomba ahoana no tokony hifadiantsika hanina ?

- a. Manaova drafitra tsy hifady hanina tanteraka ao anatin'ny 24 ora.
- b. Mihinàna sakafo tena tsotra amin'ny fatra kely, na koa tsy misotro afa-tsy ranomboankazo.
- d. Misotroa rano betsaka.
- e. Atombohy amin'ny fivavahana ny fifadian-kanina rehefa avy nihinana sakafo maraina mahasalama. Ny ampitso maraina dia tapaho amin'ny fihinana sakafo maivana (voankazo fotsiny) ny fifadian-kanina ; rehefa avy eo dia manokàna fotoana manokana hanaovana fiderana sy fankasitrahana an'Andriamanitra. Tsy tokony hataonareo mahoraka fa hifady hanina ianareo. Ny fanaovana izany dia mitarika fireharehana ara-panahy ka mety tsy hahazoanareo ireo fitahiana ara-panahy izay nokasain'Andriamanitra omena amin'io fotoana io.
- f. Manokàna andro iray isan-kerinandro hanaovanareo fifadian-kanina.

F. Manaova drafitra hifadiana hanina tsy mihinana na inona na inona na mihinana amin'ny ampahany amin'ny fotoana tena ilànareo fanampiana na vonjy.

- a. Amin'ny fotoan-tsarotra, dia mety hitaona anareo hifady hanina tanteraka na amin'ny ampahany Andriamanitra.
- b. Tsy maintsy feranareo ny hetsika ataonareo mandritra ny fotoanan'ny fifadian-kanina. (Azonareo atao ny manatona ny mpitsabonareo raha toa ianareo manana ahiahy fa mety hisy fiantraikany eo amin'ny fahasalamanareo ny fifadian-kanina.)

G. Aoka tsy hanana toe-tsaina mpandray an-tendrony- tsy misy fahamendrehana azo avy amin'ny fanaovana fifadian-kanina toy ny manao hazakazaka lavitr'ezaka.

Toy izao no nambaran'i Ellen White : « Tsy nantsoina mba hifady hanina mandritra ny efapolo andro ianareo. Ny Tompo no mizaka ny fifadian-kanina any an'efitry ny fakampanahy. Tsy misy fahamendrehana manokana azo avy amin'ny fifadian-kanina toy izany ; fa ao amin'ny ràn'i Kristy ihany no misy ny fahamendrehana. » (Counsels on Diet and Foods, p. 189).

Dr. Derek Morris dia filohan'ny televiziona “Hope Channel” sady mpiandraikitra ny “Hope Sabbath School TV program.”

Vavaka sy Teny Fikasana natao hotakiana ho an'ireo “madinika indrindra ireo”

Tsidiho ny tranon-kala www.revivalandreformation.org raha te-hahazo ireo karatra kely misy teny fikasana sy vavaka ianareo na raha misy zavatra hafa ilaina.

MIDERA ANAO izahay Tompo o, fa nantsoinao mba hamonjy ny firenena rehetra ho voninahitrao ary IANAO no hery sy fahefana nahatonga izany ezaka izany ho fahombiazana! Alohan'ny hiasanay hamonjy ireo firenena rehetra anefa dia ampio izahay mba ho mahatoky amin'ny fanehoana fitiavana amin'ireo “madinika indrindra ireo” eny amin'ny lalanay rehetra eny. Omeo anay ny fo feno fitiavana ireo very tahaka ny fonao!

“Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any andanitra sy etỳ an-tany; koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.” (Matio 28:18-20).

“Fa ny tany tsy ilaozan'olo-malahelo, koa izany no andidiako anao hoe: Sokafy tsara amin'ny rahalahinao ny tananao, dia amin'ny malahelo sy ny mahantra eo amin'ny taninao.” (Deotoronomia 15:11).

“Alaharo ny tenin'ny mahantra sy ny kamboty; omeo rariny ny ory sy ny malahelo.” (Salamo 82:3).

“Koa izay mahalala hanao soa, nefa tsy manao, dia heloka ho azy izany.” (Jakoba 4:17).

“Ary izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky koa amin'ny be; ary izay tsy marina amin'ny kely indrindra dia tsy marina koa amin'ny be.” (Lioka 16:10).

“Fa Andriamanitra no miasa ao anatinareo na ny fikasana na ny fanaovana hahatanteraka ny sitrapony.” (Filipiana 2:13).

“Ary amin'izany ny Mpanjaka dia hilaza amin'izay eo amin'ny ankavanany hoe: Avia ianareo izay notahin'ny Raiko, mandovà ny fanjakana izay voavoatra ho anareo hatrizay nanorenana izao tontolo

izao; fa noana Aho, dia nomenareo hanina; nangetaheta Aho dia nampisotroinareo; nivahiny Aho, dia nampiantranoinareo; tsy nanan-kitafy Aho, dia notafianareo; narary Aho, dia notsaboinareo; tao an-tranomaizina Aho, dia novangianareo... Araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko.” (Matio 25:34-36, 40).

MIDERA ANAO izahay Tompo o, fa efa nampanantena ny jentilisa ho lovanay ianao. Anio izahay dia mitaky izany lovanay izany! Asehoy anay ny fomba hikasihana ireo izay tsy mahalala Anao! Asehoy anay ny fomba ahatonga anay ho mpanelanelana ho an'ireo voailikilika sy ny vahiny.

“Mangataha amiko, dia homeko ho lovanao ny jentilisa ary ny faran'ny tany ho fanananao.” (Salamo 2:8).

“Ary nitady olona teo aminy Aho hanao manda sy hijanona eo amin'ny banga eo anatrehako hifona ho an'ny tany mba tsy handravako azy, kanjo tsy nahita” (Ezekiela 22:30).

“Ny vavaka dia fitaovana voahosotry ny lanitra ho fahombiazana . . . Manetsika ny lanitra ny vavaka.” (*In Heavenly Places*, p. 75).

“Fa Jesosy nijery azy ka nanao hoe: Raha amin'ny olona, dia zavatra tsy hainy izany; fa tsy mba tahaka izany amin'Andriamanitra; fa ny zavatra rehetra dia hain'Andriamanitra.” (Marka 10:27).

“Afaka manao mihoatra noho izay mety ho vitantsika ny Tompo ao anatin'ny ora iray, ary rehefa hitany fa feno fanoloran-tena ny vahoakany, dia mamelà ahy hilaza aminao fa asa lehibe no ho vita ao anatin'ny fotoana fohy, ary hoentina any amin'ireo faritra maizin'ny tany ny hafa-pamonjena, eny, any amin'ny toerana izay tsy mbola nitoriana izany aza.” (Sermons and Talks, vol. 1, p. 307).

“Tsy ny fahaiza-manao hanananao ankehitriny na mbola ho azonao no hanome anao fahombiazana fa izay zavatra azon'ny Tompo atao ho anao.” (*Christ's Object Lessons*, p. 146).

“Ny lehilahy iray aminareo manenjika ny arivo; fa Jehovah Andriamanitrareo, Izy no miady ho anareo, araka izay nolazainy taminareo.” (Josoa 23:10).

“Halalaho ny itoeran'ny lainao, ary aoka hohenganina ny ambain-dainao, ka aza avela hisy hiketrana; halavao ny kofehinao, ary aoreno mafy ny tsima-dainao; Fa hitatra any amin'ny ankavanana sy any

amin'ny ankavia ianao, ary ny taranakao hahazo ny jentilisa, ka dia hasiany mponina ny tanàna lao.” (Isaia 54:2, 3).

MIDERA ANAO izahay Tompo o, fa nomenao anay tsirairay ny fahafahana mijoro ho vavolombelona. Matetika loatra izahay no saron-kenatra sy nisalasala foana. Ampianaro izahay mba ho sahy hiteny sy hizara ny fanandramanay (eny fa na dia eo am-panaovana ireo andraikitra fanao isan'andro aza), mba hahatonga ny hafa haniry ihany koa ny hanandrana sy hahita ny hatsaranao (Salamo 34:8). Omeo anay ny fahendrena hiteny amin'ireo sahirana. Tariho ny lalanay eny amin'ny lalana izay tianao handehananay!

“fa manamasina an'i Kristy ho Tompo ao am-ponareo (Isa. 8.12, 13); ary aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin'ny fahalemam-panahy sy ny fanajana” (1 Petera 3:15).

“Antsoy Aho, dia hovaliako ianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao.”(Jeremia 33:3).

“Hanome saina anao sy hampianatra anao izay lalan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho.” (Salamo 32:8).

“fa Izaho no hanome anareo vava sy saina, izay tsy ho azon'ny fahavalonareo rehetra valiana na resena.” (Lioka 21:15).

“Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany.” (Asa 1:8).

“Ary ho an'izay mahay manao mihoatra noho ny zavatra rehetra, eny, mihoatra lavitra noho izay rehetra angatahintsika na heverintsika aza, araka ny hery izay miasa ato amintsika” (Efesiana 3:20).

MIDERA ANAO izahay Tompo o, fa nomenao ohatry ny fitiavana tsy misy tomika izahay! Mamoy ny zo hiaro tena ny fitiavana tsy misy tomika ary manolotra ny ainy ho an'ny hafa.

“Tsy misy manana fitiavana lehibe noho izao, dia ny manolotra ny ainy hamonjy ny sakaizany.” (Jaona 15:13).

“Izao no ahafantarantsika ny fitiavana, satria Izy no nanolotra ny ainy hamonjy antsika; ary isika kosa mba tokony hanolotra ny aintsika hamonjy ny rahalahy.” (1 Jaona 3:16).

“Kanefa rehefa manolotra tanteraka ny tenantsika ho an’Andriamanitra isika dia manaraka ny Lalany ny asantsika, ary Izy no manao ny Tenany ho tompon’andraikitra ny fahatanterahan’izany. Tsy nataony ho anjarantsika ny maminany ny fahombiazan’ireo ezaka ataontsika am-pahatsorana. Tsy tokony hihevitra ny tsi-fahombiazana isika na dia indray mandeha monja aza. Tokony hiara-hiasa amin’ily Anankiray izay tsy mahalala ny atao hoe tsi-fahombiazana isika.” (*Christ’s Object Lessons*, p. 363).